

07 jolay 2010.
25 Tamouz 5770.

Mitodika any amin'ny mpanakarena sy ireo manam-pahefana.

«Ary tamin'ny andro Sabata dia nivoaka teo ivelan'ny vavahady izahay nankeny amoron'ony, izay nataonay fa nisy fitoerana fivavahana; ary nipetraka teo izahay ka niresaka tamin'ny vehivavy vory teo. Ary nisy vehivavy atao hoe Lydia, mpivarotra lamba volomparasy, avy any an-tanàna Tyatira, izay nivavaka tamin'Andriamanitra, dia nihaino izy, ary ny Tompo nanokatra ny fony hitandrina ny teny izay nolazain'i Paoly. Ary rehefa natao batisa ravehivavy mbamin'ny ankohonany, dia nangataka izy nanao hoe: Raha ataonareo ho mahatoky amin'ny Tompo aho, dia midira ao an-tranoko ka mitoera ao. Dia nanery anay izy. » (Asa 16: 13-15)

« Dia niala tao an-tranomaizina izy ka niditra tao an-tranon'i Lydia; ary rehefa nahita ny rahalahy izy, dia nananatra azy ka lasa nandeha. » (Asa 16:40)

Raha naseho mazava tamin'ny mpanakarena sy ireo manam-pahefana ny asan'Andriamanitra dia handray anjara bebe kokoa amin'ny fampandrosoana ny momba ny fahamarinana ankehitriny izy ireo. Very tombotsoa maro izay tokony nohararaotiny ny vahoakan'Andriamanitra raha tsy nisafidy hihatakataka amin'izao tontolo izao izy.

Tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra mialoha mihitsy fa hoe hifanerasera isan'andro amin'ny olona tsy niova fo isika. Nomanin'ny Tompo eo anoloan-tsika amin'ny alalan'ny tanany ankavanana ny lalana tokony izorana mba handrosoan'ny asany haingana. Manana asa masina ho tanterahana isika amin'ny maha mpiara-miasa Aminy antsika. Tokony hitady fomba hifandraisana amin'ireo olona manana toerana ambony isika ka hanana hevitra ny hamonjena ny fanahiny; ary tokony homena fanasàna hahatrika maimaimpoana ho avy amin'ny fetin'ny fakamparam-bady izy ireo.


Na dia saika eo ampelantan'ny olona tsy niova fo tanteraka aza izao tontolo izao dia an'Andriamanitra ny tany sy ny harena rehetra ao aminy. « *An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra ao aminy* » (Salamo 24:1). Enga anie hahatsapa hatrany hatrany ny kristianina fa manana tombotsoa sy adidy ny hanararaotra ny fahafahana rehetra izay hatolotry ny lanitra ho azy entiny hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao, nefa amin'ny fanarahana ny ara-dalàna sy ny fitsipi-pehezan'ny fahamarinana.---Stewardship Series, N° 1, p. 14, 15.) (antso ho an'ny mambra manana andraikitra sy ny mpitandrina ao ampiangonana ho amin'ny famporissihana hanao fanomezana)

Teren'ny Fanahy hanome. Manao asa mitovy lenta amin'ny an'ireo ao amin'ny fanompoana koa ny misionera mpitsabo izay mpiasan'ny filazantsara. Tsy tokony hijanona eo amin'ireo mahantra ny ezaka ataony. Toa natao anjorom-bala ireo saranga ambony. Misy nefa ao amin'izy ireo olona maro hamaly ny antson'ny fahamarinana satria matanjaka izany ary mitondra ny tombokavatsan'ny filazantsara. Noho izany dia hisy marobe hanome ny heriny rehetra ho an'ny asan'Andriamanitra.

Mangataka Andriamanitra mba hampiasa ny talentany sy ny fananany ho amin'ny fanompoana azy ireo izay manana toerana ambony sy nomeny talenta sarobidy. Tokony hamelatra ny drafitr'asa eo anoloan'izy ireo ny mpitorintenin-tsika ka hilaza aminy izay ilain-tsika hamonjena ireo mahantra sy mila fanampiana ka hametrahana ity asa ity eo ambony fototra mafy orina. Hisy amin'izy ireo ho voakasiky ny Fanahy Masina mba hanome ny fitaovana voarainy tamin'ny Tompo mba hampandrosoana ny asany. Hanatanteraka ny fikasany izy ireo amin'ny fanampiany antsika hanorina ivo-toerana lehibe manana hery miasa mangina eny amin'ny tanan-dehibe maro. – *Testimonies* Vol. 7 p 112.

Mila homena fampitandremana ity izao tontolo ity. Kanefa nisalasala isika hiresaka amin'ny mpanakarena na mambran'ny fiangonan-tsika izy na tsia hangataka amindreo hanampy amin'ny asa. Maniry isika raha hiaraka eo akaikin-tsika izireo. Maniry isika raha hanana fahalalan-tanana izireo hiara-miasa amin-tsika amin'ny fanorenana ny asan'Andriamanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity. Tokony hiresaka amin'ireo olona manam-pahefana sy tsara fanahy isika mba hanohana antsika amin'ny asan'ny filazantsara izireo. Tokony hasain-tsika izireo hanohana amin'ny asa famonjena ireo izay ho very.-- The Origin and Development of the Thanksgiving Plan, p. 5 (écrit le 28 février 1900).

Ellen G. White Conseils à l'économe p 194 - 196



**Vous sondez les Ecritures,
parce que vous pensez avoir en elles
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent
témoignage de moi. Jean 5:39**